



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivaviana - Tenindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-284

**FIFIDIANANA NY FILOHAN'NY VAOMIERAN'NY FANAJARIANA NY TANY  
SY NY FITANTANANA NY FANANA-TANY**

Fivoriana faha-12  
Natao ny  
Alakamisy 14 Desambra 2023  
- Alina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne  
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

**FOTOANA:** Alakamisy 14 Desambra 2023 tamin'ny 7 ora, alina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany.

Nitohy ny Alakamisy 14 Desambra 2023 tamin'ny 7 ora, alina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy nampahatsiahy ny fandaharam-potoana Andriamatoa Mpitarika fivoriana araka ny voalaza etsy ambony dia nanambara fa miisa roa ny filatsahan-kofidina voaray tao amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, ka ireto avy izy ireo, Andriamatoa isany:

- RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, voafidy tao amin'ny Boriboritany Faha-VI, Antananarivo Renivohitra
- RAKOTOMALALA Miarintsoa A, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatolampy.

Taorian'izay, niangavy azy ireo na ny solotenany mba hanao ny fampahafantarana ny kandidà, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka eny anoloana no hanaovana izany.

Raha nandray fitenenana ny kandidà RAKOTOMALALA Miarintsoa, fisaorana an'Andriamatoa Mpitarika fivoriana sy ny Solombavambahoaka no voalohan-teniny sady nanamarika fa mbola mavitrika tsara ny olom-boafidy ary nirary ny hiverenan'ny Solombavambahoaka rehetra ato amin'ny Antenimierampirenena amin'ny "mandat" manaraka.

Taorian'izay, nambarany fa misintona ny antontan-taratasy filatsahan-kofidina nataony ny tenany no sady hanolotra ihany koa ny kandidà RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime.

Fanentanana ny Solombavambahoaka rehetra mba hifidy an'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime ho Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany no nataony satria tsapa fa olona manana traikefa ny kandidà ary efa niara-niasa tamin'ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, mbola mpikambana ao anatin'io Vaomiera io koa hatramin'izao. Mino isika fa hahavita amin'ny asa hosahaniny izay, ka mirary soa ho azy amin'izany koa isika.

Nisaotra sy nankasitraka tamin'ny fandaminana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay ary nambarany koa fa kandidà tokana no hofidina satria nisintona ny filatsahan-kofidiny Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa.

Nomarihany fa araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia latsa-bato miafina no anaovana ny fifidianana ary niangavy Solombavambahoaka miisa roa ny tenany mba hanara-maso ny fandatsaham-bato.

Andriamatoa isany ANDRIANAMBININA Djohary Lee sy RAKOTOMALALA Miarintsoa no nanatanteraka izany.

Nanao satroka Andriamatoa RAHASIMANANA Paul Bert ary nanambara fa mety ve raha atao tsangan-tànana ny fifidianana mba hampalaky azy.

Namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa aleo manaja ny lalàna misy ny Solombavambahoaka amin'izay tsy hahitana fanankianana ny zavatra atao.

Nanao satroka Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert taorian'izay ary nilaza fa tsy tokony hotononina intsony ny anaran'ny Solombavambahoaka satria lasa mandany fotoana be loatra.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandatsaham-bato ny Solombavambahoaka.

Taorian'izay, natao ny fanisam-bato ka toy izao no vokatry ny latsa-bato:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 47

- Vato maty: 00

- Vato fotsy: 00

- Vato manan-kery: 47

- Vato azon'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime: 47

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ho Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany ny Solombavambahoaka RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime. Niarahaba sy nirary fahombiazana ho azy amin'ny adidy lehibe hosahaniny koa ny tenany.

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, fisaorana ny rehetra no nataony ary nambarany koa fa tsy handraraka ilo mby an-doha amin'ny adidy hosahaniny izy.

Manaraka izany, nisaotra manokana ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Miarintsoa koa ny tenany tamin'ny fihetsika nasehony tamin'izao fifidianana izao.

Fisaorana ny rehetra sy nirary soa ho an'ny Solombavambahoaka rehetra hotefaverina eto amin'ny Antenimierampirenena amin'ny fifidianana manaraka no namaranany ny teniny.

Nomena fitenenana ihany koa Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa, ka firarian-tsoa hahavita be amin'ny adidy hosahanin'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime no nambarany.

Nomarihany fa efa akaiky ny fiafaran'ny "mandat" kanefa ao amin'ny toeran'izay ho mpikambana ao amin'ny HCJ mbola misy banga, ka tokony hodinihan'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra koa izay zavatra izay.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa rahampitso Zoma 15 Desambra 2023 amin'ny 11 ora, atoandro, no hatao ny lanonam-pamaranana amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena.

Nitaona ny Solombavambahoaka mba ho tonga maro hanatrika izany ny tenany.

Niato tamin'ny 7 ora sy 40 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA  
  
RAZANAMAHASOA Christine Harijaona